# 2. NY FEHEZANTENY [*la phrase*]

## 2.1. Famaritana *[Définition]*

Ny fehezanteny dia « antokon-teny manan-kevitra feno ». *[Ensemble de mots ordonnés capable de porter un sens]*

## 2.2. Ny rafitry ny fehezanteny *[structure d'une phrase]*

Amin'ny ankapobeny dia toy izao ny firafitry ny teny malagasy :

| | |
|---|---|
| | **Enti-Milaza (EM) + Lazaina (L)** |
| **(na koa)** | **Enti-Milaza (EM) + Fameno (F) + Lazaina (L)** |

« Comme toutes langues, trois types ou groupe de mots constituent une phrase en malgache : *[Verbe (V) , Complément (C), Sujet (S)]* **»**

***Une phrase en Malgache se structure comme suit :***

| | |
|---|---|
| | ***Verbe (V) + Sujet (S)*** |
| ***(ou bien)*** | ***Verbe (V) + Complément (C ) + Sujet (S)*** |

### a) Ny « lazaina » (L) [*le Sujet*] :

Ny lazaina dia mametraka ny foto-dresaka [*le groupe sujet*], izany hoe ny teny manambara ny olona na ny zavatra resahina. [*celui qui fait l'action]*

Ohatra 1: Harifidy

Ohatra 2 : trano

Ohatra 3 : Isika [Nous]

### b) Ny « enti-milaza » (EM) *[le Verbe]*

Ny enti-milaza dia maneho izay ambara momba ny foto-dresaka [*exprime l'état du sujet ou une action réalisée par le sujet]*

Ohatra 1 : Voaloko ny trano

Ohatra 2 : Manondro i Harifidy

Ohatra 3 : Matory ny saka

### c) Ny fameno (F) [*le complément*]

Ny fameno dia izay ambara momba ny enti-milaza *[qui complète un autre mot souvent le verbe]*

Ohatra 1 : Manondro sary i Harifidy

Ohatra 2 : Voaloko manga ny trano

Ohatra 3 : Matory eo ambony seza ny saka

## 2.3. Ny fehezanteny mivadi-drafitra

Ny fehezanteny mivadi-drafitra dia ny fehezanteny miandoha amin'ny lazaina ary mifarana amin'ny entimilaza. [*Quand le sujet est mis devant le verbe*]

Ohatra 1: I Sariaka dia mihira

Ohatra 2 : Ny akanjoko no nanaovanao

Ohatra 3 : ny ankizy dia milalao ao antoko-tany

Ny antsoina hoe fehezanteny mivadi-drafitra, araka izany, dia entina hampivohitra tranga iray. [*On peut mettre le sujet au début d'une phrase quand on veut mettre en exergue quelque chose qui vient de se passer]*

*Exemple : C'est Sariaka qui chante*

*Exemple2 : Tu as mis mon vêtement.*

*Matetika dia ampiana kian-teny « **dia** », **« no** », « **ka** » eo anelanelan'ny Lazaina sy ny Enti-milaza*

*[En général, il faut rajouter soit « **dia** », soi **« no** », soit « **ka** » entre le sujet et le verbe.*

## 2.4. Fanazarana

### ***a) Avadio mivadi-drafitra ny fehezanteny*** *[Mettez le sujet au début de chaque phrase]*

***(Tadiavo aloha ny lazaina sy ny enti-milasa)*** *[cherchez d'abord le sujet et le verbe]*

- Mitempo ny fo
- Tsara ny andro
- Masaka ny sakafo
- Mihaino hira i Hugo.
- Voahitsak'i Mioty ilay lamba.
- Feno rano ny siny

- Mitabataba be ny mpianatra

**b) *Harafeto ny fehezanteny*** *[Mettez dans l'ordre pour former une phrase]*

*Ka/tsara/toetra/Izany*

*Fiara/Miakatra/ao/anaty*

*Nalehan'i/Tsy hita/izay/Mihary*

*No/Sandra/i/nandalo/tato antrano.*

*An'i Licas/Mitsikitsiky/izy roa vavy.*

***c) Manaova fehezanteny misy « enti-milaza », « lazaina » ary fameno*** *[Construisez des phrases]*

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………